

24 jiona 2010.  
12 Tamouz 5770.

### Aoka hanatratra fetra ara-panahy ambony.

« Ary ho an'izay afaka miaro anareo tsy ho lavo sy hampiseho anareo eo anatrehan'ny voninahiny tsy misy tsiny sy ampiravoravoana... » (Joda 24)

Nankatò ny fitakian'ny lalàna rehetra Kristy...Noho izany fankatoavany izany no nahazoan'ny olona tsirairay mankatò ny didin'Andriamanitra. Raha milefitra amin'i Kristy isika, miray amin'ny fony ny fon-tsika, mitambatra amin'ny sitrapony ny sitrapon-tsika, lasa iray amin'ny fanahiny ny fanahin-tsika; milefitra Aminy ny sain-tsika ka iainantsika ny fiainany. Izany no dikan'ny hoe mirakotra ny ankanjon'ny fahamarinany . Ary raha mibanjina antsika ny Tompo dia tsy mahita ilay akanjo ravin'aviavy na ilay fitanjahana sy fahasimban'ny fahotana fa ny fahamarinan'ny Tenany manokana dia ilay fankatoavana tanteraka ny lalànan'i Jéhovah. (*Christ's Object Lessons* p 312).

Tamin'ny alalan'ny drafitry ny famonjena avy any an-danitra dia nanomana ny fomba handresena ny fahotàna sy hanoherana ny fakam-panahy na dia mahery toy inona aza Andriamanitra .

Tsy azo hanalana tsiny ny fahotana ny fakam-panahy na faran'izay matanjaka aza. Na dia henjana toy inona aza ny fanerena mihatra amin'ny fanahy dia fanapaha-kevitra ma nokana ny fandikan-dalàna. Tsy manam-pahefana hanery n'iza n'iza hanota na ny afobe na ny tany.. Mila ny faneken'ny sitrapon-tsika izany amin'ny fampileferana ny fo satria amin'ny lafiny iray dia tsy afaka handresy ny fieritreretana mandinika ny faniriana lalina, na ny handresy ny fahamarinana ny faharatsiana. (*Signs of Times* 15 avril 1913).

Raha mitoetra eo ambany faneva mihoson-dràn'ilay andriana Emmanoela, ilay mpanompo mahatoky ianao dia tsy ho latsaka amin'ny fakam-panahy mihitsy satria ilay manana Hery hiaro anao amin'ny fianjeràna rehetra dia hitoetra eo akaikinao. (*Manuscript* 8 1899).

Tsy manana antony na dia iray hitahiry ny fironana hanota ao anatin-tsika ao isika. Arakaraky ny handraisana ny fomban'Andriamanitra dia ho voaisotra ireo fironana nolovaina sy azo ka ho voaova ho hery ho amin'ny tsara isika. Rehefa mianatra tsy miato amin'ilay Mpampianatra avy any andanitra isika ka mandray anjara isan'andro amin'ny fombany dia miara-miasa amin'Andriamanitra mandresy ny fakam-panahy alefan'i Satàna. Miray saina miaraka amin'Andriamanitra ny olona mba ho iray ao amin'i Kristy tahaka an'i Kristy iray ao amin'Andriamanitra izy. Amin'izay dia hiara-mipetraka amin'i Kristy any andanitra isika ka handry fehizay amim-piadanana ny fanahin-tsika miaraka Aminy.

Aoka hiatrika fakam-panahy isika ka hanohitra izany. Mitohy isan'andro ny ady ara-panahy. Isan'andro dia tokony hihevitra hikarakara ny famonjena ny fanahin-tsika amin-tahotra sy hovitra isika. Andriamanitra no mametraka anatin-tsika ao ny faniriana sy ny fanaovana araka ny sitrapony. Tokony hanao ny ezaka rehetra ny tsirairay hampitombo ny fahalalany ara-panahy, handray hery isaky ny fahasoavana, hampitombo ny fahafahany mandroso amin'ny fampiasana azy sy amin'ny fahamasinana ao amin'ny tanimbolin'ny Tompo. Tsy tokony ho tsy hanome vokatra isika amin'ny fahalalana an'i Jesosy Kristy tompo sy Mpamonjy antsika. Manosika amin'ny fambolena ny talentany ny tena fivavahana marina ka mahatonga ny olona ho tsara lavitra no ho ny volamenan'i Ofira eo imason'Andriamanitra.

Midika zavatra maro ny hoe: "Ataovy ny ezaka rehetra". Izany hoe isan'andro. Mihazakazaka anivon'y loza isika raha minia jamba amin'ireo asan'ny iraky Satàna ka voafandriky ny fakam-panahy mamitaka ataony. Izany no nanomezana anao baiko mba hanao ny ezaka rehetra mba hanampy ao amin'ny toetranao ny fahasoavana rehetra izay hahatonga anao hatanjaka ka hanohitra ny ratsy." Izay tsy manana izany zavatra izany dia jamba " . Tsy mahatsapa ny fahantrany ara-panahy izy. (*SDA Bible Commentary* p 943 -944).

